# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 20/06/20 hatramin'ny 27/06/2020**

**- ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
**- MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
**- OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
**- METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
**- ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 1032-06-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Velom-bolo indray ny mpiompy akoho

## Tafakatra 400 Ar ny atody iray eny ifotony

Anisan'ireo tena nianjadian'ny fatiantoka tanteraka ny mpiompy akoho manatody lava tany amin'iny faritr'i Mahitsy, distrikan'Ambohidratrimo sy ny manodidina iny. Tao anatin'ny fihibohana mantsy, dia tsy tafavoaka ny entana satria tsy nisy ny fiara mpitatitra. Tsy tafidina teny amin'ny mpiompy ihany koa ny mpambongady satria tsy misy ny tsena. Tamin'ny volana Martsa sy Aprily dia tena tratry ny fatiantoka tanteraka ny mpiompy satria ny praovandy tsy midina ny vidiny, nefa ny atody tsy misy mpividy. Manginy fotsiny ireo tantsaha mpiompy salasalany sy madinika no voatery mivarotra ny fananana mba hividianana praovandy. Niha-vitsy ihany koa ireo mpiompy sisa satria betsaka no nivarotra ny akohony satria tsy naharaka ny lany intsony ny vola miditra, ka ireo mpiompy vaventy sisa no tafajanona. Ankehitriny dia efa miha-velom-bolo indray ireo tantsaha satria efa miverina ny vidin'atody, izay tafakatra 400 ariary ny iray eny am-potony, saingy efa betsaka no tsy manana intsony. Izay tokoa no tonga amin'ilay fitenenana hoe, ny fahorian'ny sasany izao, lasa fifalian'ny hafa.

***Rajo***

### Kaominina Antsoatany Antsirabe II

## Manarina ireo foto-drafitrasa ao amin'ny kaominina


Manarina ireo foto-drafitrasa ao amin'ny kaominina ny ben'ny tanànan'Antsoatany Antsirabe II, Randrianirina Martin tao aorian'ny nahalany azy indray, izy dia avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Raha raisina ohatra dia fony izy nitondra ny taona 2006 no nametraka ny rano fisotro madio tao andrenivohitry ny kaominina. Saingy rehefa niditra tao ny Ben'ny tanàna teo aloha, izay nasisiky ny HVM tamin'ny fotoan'androny dia potika tanteraka izany. Nanoloana izany dia isan'ny nataony laharam-pahamehana ny famerenana ny rano fisotro io ary efa niverina amin'ny laoniny izany. Ankoatra izay dia isan'ny noezahiny ihany koa ny fanarenana ireo lalana sy tetezana sasantsasany hifandraisan'ny fokontany ao an-toerana. Fa isan'ny ezaka goavana ho tanterahin'ny kaominina ato ho ato indray amin'izao fotoana ny fanaovana ezaka "Opération titre", faobe ho an'ireo tany efa vita kadasitra any an-toerana, ka hanentanana sahady ny vahoaka ao amin'ity kaominina ity, izay ambany dia ambany ny sarany. Raha tsiahivina dia isan'ny mamim-bahoaka ao Antsoatany ity Ben'ny tanàna avy amin'ny antoko TIM ity, satria lany izy tamin'ny fotoanan'ny HVM teo, ary efa niasa efa-bolana ny tenany no nesorin'ny mpitondra tamin'izany. Tamin'ity fitondrana ity ihany koa dia mbola nifampitady ihany izy sy ny kandidan'ny IRD, satria nivadika ho IRD indray ny kandida HVM teo aloha, ka tsy lany intsony na dia nitady lalana ambanin'ny tany indray aza. Ankehitriny dia manarina ny fahapotehana napetraky ny teo alohany tao anatin'ny 5 taona ny Ben'ny tanana TIM ankehitriny izao.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 314**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0313)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Sambotra<br>- If – Ror(a)<br>- Aina<br>- Rambo – Zo | - Ambony<br>- Mololo (miv)<br>- Anay - Asa | - Sitrana<br>- Fa (miv) – Ma (miv)<br>- Amboa | - Baiboly<br>- Nono<br>- Tra – Ila<br>- Ro – (N)os(y)<br>- Amboara (miv) |


Tetikasa Mahay

## Nataony laharam-pahamehana ireo ankizy manana fahasembanana

Tao anatin'ny telo andro izay nifarana omaly, dia nisongadina tamin'ny tetikasa Mahay eo anivon'ny foibe fitondran-tsekoly Fjkm ny nanome lanja ny ankizy manana fahasembanana beazina eo anivon'ny sekoly. Tafiditra amin'ireo sekoly Mampiaty izy io, ka raha ny Alarobia lasa teo ohatra dia nifantoka tamin'ny atrik'asa notanterahina teny Anosy teny ny hetsika, ka ireo mpanabe sy tompon'andraikitra samihafa eo anivon'ny sekoly no nandray anjara tamin'izany. Tanjona ny jery todiky ny asa efa vita sy ny mbola hanohizana izany amin'ity taona ity, raha toa ka efa tamin'ny taona 2017 no nisy ny tetik'asa. Taorian'izay dia nitohy tamin'ny fampahafantarana ireo mpanabe eo anivon'ny sekoly Fjkm ny hetsika, ka ireo mpianatra manana fahasembanana no anisan'ny nitondrana fanazavana avy amin'ny mpitsabo teny Anosiala. Anisan'ny nisongadina tamin'izany ny fampahafantarana ny zaza manana fahasembanana, ka hahafantarany ny tokony hatao, indrindra manoloana ny fihibohana ankehitriny. Tanjona amin'izany ny fampahafantarana izay tsara ho fantatr'izy ireo, ka ireo mpanabe sy tompon'andraikitra no voakasik'izany voalohany. Ny eo anivon'ny foibe Fjkm dia nampahatsiahy fa manana ny lanjany ny sekoly Fjkm, ary tsy mena-mitaha amin'ny sekoly hafa, na eo amin'ny kalitaon'ny fampianarana io, na eo amin'ny fitondrantena ihany koa. Nampahery sy nitondra ny hafatra tamin'izany ny filoha mpanampy laika eo anivon'ny biraon'ny mpiandraikitra foibe Fjkm, Randriamamonjisoa Georges. Nohamafisin'ny tale nasionalin'ny sekoly Fjkm, Rakotondranaivo Domoina ihany koa fa mandroso hatrany no tanjona ary manohy ireo asa efa vita sy mbola ho tratrarina amin'ny taona manaraka. Tsiahivina fa mahatratra 600 mahery ny sekoly Fjkm manerana ny nosy.

***Rajo***

### TENY MIFANAPAKA N° 314




**Mitsivalana**

**1.** Fikambanana **2.** Tovona (miv) – Ino **3.** Hidin-trano **4.** Sarobahana – Androany (miv) **5.** Nasondrotra **6.** Andro (BL) – Mitazona (miv) **7.** Simba, masiso – Fanitarana – Isa Romana **8.** Tanalahy (miv) – Nitady (BR) **9.** Matoanareo **10.** Arovana – Solfa

**Mitsangana**

**A.** Mpiara-monina **B.** Vato fosy **D.** Niparitaka – Tra-tehaka **E.** Mamarana ny vavaka – Onona (miv) **F.** Fara sy dimby **G.** Tsofoka – Fanampin'anarana (BR) **H.** Tanterahanay – Faranteny **I.** Notsikeraina **J.** Nandray (miv) – Sahala (miv) **K.** Fitafiana (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0313

**Mitsivalana**

**1.** Maimbo - Mey (miv) **2.** Iroa (miv) - Avana (miv) **3.** (S)ek(y) - Non(o) **4.** Solafaka **5.** Re - Ravo - Ma (miv) **6.** Manoto **7.** Tiana - Vy **8.** Rakitra **9.** Ray - Atrika **10.** Rary (miv) - Niray (miv)

**Mitsangana**

**A** Maneritery **B.** Ao - Ar **D.** Sery (miv) - Maria **E.** Mikorana **F.** Lanaka **G.** (V)oalavo - Ity **H.** Fototra **I.** Anay (miv) - Rir(inina) **J.** Evoka - Vaky **K.** Manampy - AN